

Résultats de l'analyse du sol Mangamila – Mai 2026

- **Date de prise d'échantillon** : 05/05/2026
- **Culture suivante** : Carotte
- **Culture précédente** : Haricot vert
- **Méthode d'échantillonnage** : en diagonale, 5 sous-échantillons de 300g à 0-20cm de profondeur
- **Préparation de l'échantillon** : 23/05/2026 (séchage à l'ombre puis réduction au quartage jusqu'à obtenir 500g, broyage et tamisage avec un tamis à maille 2 mm)
- **Analyse en laboratoire** : 23/05/2026
- **Résultats de l'analyse**

pH	N (Nitrate d'ammonium)	P(P2O5)	K
5	12.78 mg/kg	2172 mg/kg	8.13mg/kg
Sol acide	faible	Très élevé	Très faible

- **Texture** : sable limoneux
- **Couleur** : Brun
- **Interprétations et recommandations** :

Ce sol est un sol acide (pH 5) caractéristique des sols ferrallitiques des hautes terres malgaches. L'azote est quasi inexistant, le phosphore, bien qu'il soit présent à une quantité élevée en valeur brute, est largement indisponible à ce pH car il est fixé sur les oxydes de fer et d'aluminium. Le potassium se trouve à un niveau très faible.

Le plus urgent à faire est de corriger le pH. Pour cela, on peut apporter de la chaux dolomitique à une dose de 3 tonnes par hectare à faire 6 à 8 semaines avant semis pour faire remonter le pH 5.8-6.2. Pour un

rendement de 25-35t/Ha de racines, le besoin en macroéléments de la carotte est de :

	Besoin de la carotte pour 1Ha de surface	Besoin de la carotte pour 1are/100m ²
N	90-110kg/Ha	0.9-1.1kg/are
P	40-60kg/Ha	0.4-0.6kg/are
K	150-200kg/Ha	1.5-2kg/are

Ces éléments peuvent s'obtenir dans :

- 15 tonnes par hectare (150kg/are) de compost mûr
- 2-3 tonnes (20-30kg/are) de fumier de volaille composté pour un apport azoté et
- 500-800kg par hectare (5-8kg/are) de cendre végétale pour assurer le besoin potassique.

Sans correction du pH voici quelques cultures recommandés pour ce type de sol : patate douce, manioc, gingembre, taro

Vokatry ny fitiliana ny tany ao Mangamila – Mai 2026

- **Andro nanalana ny santionany:** 05/05/2026
- **Voly manaraka:** Karaoty
- **Voly teo aloha :** Haricot vert
- **Fomba nanalana ny santionany:** santionany kely 5 milanja 300g isany no nalaina tamin'ny halalin'ny 0-20cm, avy eo nahena tamin'ny fampifangaroana mandra-pahazo ny 500g, ary nohamainina tamin'ny toerana maloka.
- **Fikarakarana ny santionany:** 05/05/2026 (nopotehina sy nosivanina tamin'ny sivanina manana loaka 2mm)
- **Fitiliana tany tao anaty laboratoara:** 23/05/2026
- **Vokatry ny fitiliana:**

pH	Azota	Fôsaoro	Pôtasioma
5	12.78 mg/kg	2172 mg/kg	8.13mg/kg
Tany asidra	Taha ambany	Taha ambony	Taha ambany

- **Sokajy :** ahitana fasika sy dilatra
- **Loko :** volon-tany matroka
- **Fandalinana sy Torohevitra:**

Ity tany ity dia asidra (pH 5) izay mampiavaka ny tany ferralitika any amin'ny faritra avo eto Madagasikara. Ny azota (N) dia saika tsy misy, ary ny phosphore (P) na dia hita ho avo aza ny tahany amin'ny fandrefesana mivaingana, dia tsy azon'ny zavamaniry ampiasaina amin'ity haavon'ny pH ity, satria miraikitra amin'ny oksidan'ny vy sy aliminioma izy. Ny potasiôma (K) kosa dia hita fa tena ambany be ny tahany.

Ny zavatra maika indrindra atao dia ny fanitsiana ny pH. Mba hanaovana izany dia azo ampidirina ny chaux dolomitique amin'ny fatra 3 taonina isaky ny hektara, atao 6 ka hatramin'ny 8 herinandro alohan'ny famafazana, mba hampiakatra ny pH ho eo amin'ny 5,8–6,2.

Ho an'ny famokarana 25–35 taonina/ha amin'ny fakambokatra karaoty, ny filàna amin'ireo kasinga fototra ilain'ny voly dia toy izao:

	Filan'ny karaoty	Filan'ny karaoty eo amin'ny tany 1 ara(100m ²)
N	90-110kg/Ha	0.9-1.1kg/ara
P	40-60kg/Ha	0.4-0.6kg/ara
K	150-200kg/Ha	1.5-2kg/ara

Ireo otrikaina ireo dia azo omena amin'ny alalan'ireto:

- 15 taonina/ha na 150kg/ara compost masaka tsara,
- 2–3 taonina/ha na 20/30kg/ara zezika akoho efa masaka ho famatsiana azota,
- 500–800 kg/ha na 5-8kg/ara lavenona avy amin'ny zavamaniry mba hamenoana ny filàna potasioma.

Raha tsy mbola ahitsy ny pH, ireto avy ireo voly afaka atao amin'ity karazana tany ity: vomanga, sakamalao, mangahazo ary saonjo.